# Mampisy hafaliana sy mandray anjara amin’izany, làlana iray mankamin’ny fiombonana bebe kokoa … Manoro antsika ny làlana ireo masera zokintsika…

**Amin'izay rehetra misy antsika dia ho ''famantarana ny fampifandraisana napetrak'i Kristy eo amin'ny olona… anatin'ny vahoaka sy ny Fiangonana… na salama na marary''… (Fitsipi-piainana 10)**

**''Un Saint triste est un triste Saint''** ***(François de Sales)***

## MASERA DENISE AO AMIN’NY EHPAD – GRENOBLE – FRANTSA - (TOERAM-PONENAN’NY ZOKIOLONA TSY MAHAVITA TENA INTSONY)

Refesiko ny zava-tsoa, ny fahasoavana raisina miaraka amin’ny vahoakan’Andriamanitra ato , mba ho vavolombelon’ny fijaliany, ny lalan-kizorany mangirifiry (satria ny dingana tsirairay dia mangirifiry) , vavolombelona ihany koa ny fitiavany tsy miovaova, ny famangian’ny zanaka aman-jafy, ny vokatry ny fiainana.



**Vavolombelon’ny fiombonana ve isika ?** alohan’izay ny fihaonana, ny famoronana tsy isalasalana .Eo amin’ny tsirairay tsikelikely, eo amin’ny samy relijiozy sy miaraka amin’ny lahika amin’ity trano ity. Rehefa mitondra ho anay ny fahaizany mamorona sy ny fanentanany mahafaly i masera Elisabeth dia manafana ny fiainana: rahampitso isika hanamboatra miaraka ny saro-tava ho an’ny « fampisehoana miova endrika » ; omaly izahay niara-nihira toy ny antoko mpihira ny, we shall overcome tamin’ny feo avon’i Joan Baez, na Cöttingen de Barbara, araka ny frantsay-alemana.

**Fa miitatra ivelan’ny trano io fiombonana io.** Tamin’ny andron’ny olom-boatokana ny 2 febroary, niaraka tamin’ny Evekanay, nahalalako ny fisian’ireo relijiozy mitoka-monina na manao asa apôstôlika izay miparitaka amin’ny tendrombohitra manodidina an’i Grenoble. Fotoana ihaonana amin’ireo olom-boatokana marobe, lahy sy vavy

manerana ny Diosezy, mba hahafantatra ny toerana samihafa misy azy ireo, ny firotsahany feno hafanam-po, ny fisiany mahomby mitondra soa ho an'ireo izay tsy voatery ho azoko an-tsaina ny fahoriany. Labozia maherin'ny 450 no narehitra ,miambina, mivavaka sy mamorona, anisan'izany ireo mpitoka-monina Chartreux. Dia miombona tanteraka amin'ireo isika.

**Ny hoe mpampiray dia fahasoavana ihany koa amohan'ny kôminôte-ko ahy izay mampivondrona, manetsika sy mitondra hafaliana.** Avy eo nijery niaraka horonan-tsary mikasika an'i Md François de Sales narahina fifanakalozana ary farany ny fizarana nataon'i Masera Jeanine mpiandraikitra ny kôminôte-nay ny fihaonam-ben'ny Provinsy sy ny fijerena ny tranokalan'ny 'Soeurs du Christ'. Tsy mamela na iza na iza i sr Jeanine ato, ary mamoha izay matoritory.




Izany dia iainana amin'ny fioharana ny fisarahana sy ny toerana misy: relijiozy na tsia… **Noho izany 'famantaran'ny fiombonana ?** Tsy isalasalana satria tsikelikely tsy isika no velona … fa i Kristy…